Coopération franco-malgache
République Française
Fonds Solidarité Prioritaire PARRUR
PArtenariat et Recherche en milieu RURal

FSP PARRUR - PArtenariat et Recherche dans le secteur RURal

# FANTARO NY ARETIN'AKOHO AMAM-BORONA ANTSOINA HOE *« MALADIE DE NEWCASTLE »* (PESTA, RAMORETAK'AKOHO, MOAFO,...)

## Inona moa io aretina io?

✓ Ny « maladie de Newcastle » dia areti-mifindra mahazo ny akoho amam-borona .

✓ Aretina miteraka fahafatesana be indrindra amin'ny fiompiana akoho amam-borona eny ambanivohitra ary miteraka fatiantoka lehibe indrindra ho an'ny tany andalam-pandrosoana toa an'i Madagasikara.

✓ Ho an'ny teknisianina amin'ny fiompiana dia « Pesta » no fiantsoana an'io aretina io. Ho an'ny mpiompy kosa anefa, arakaraky ny faritra, dia misy fomba fiantsoana samihafa io aretina io : « pesta, moafo, ramoretak'akoho, barika... »

✓ Rehefa misy aretina mahafaty akoho amam-borona eny an-tanàna dia « barika » no voatanisa matetika. Aretina hafa antsoina hoe « pasteurellose » anefa io « barika » io ary afangaron'ny mpiompy amin'ny « pesta ». Raha ny marina dia « pesta » no tena mateti-pitranga sy mandringana ireo biby ireo.





Tsy avy miaina



## Trangan'aretina sy fotoana isehoany?

✓ Raha eto Madagasikara dia misy foana ny valan'aretina « Newcastle » na « pesta » mandava-taona. Na izany aza dia amin'ny main-tany (aogositra hatramin'ny oktobra) no tena fotoana fitrangàny (fotoanan'ny aretina).

✓ Ireo soritr'aretina hita amin'ny biby marary dia:
_ Manjonitra,
_ Tsy avy miaina: (maneno rehefa miaina, mihinjitra ny tenda rehefa miaina )
_ Mivalana (maintso na fotsy)
_ Miola-tenda, mitsatotsatoka ny lohany na ny vatany ka toy ny lasa adala

## Karazam-biby ahoana no voany?

✓ Marobe ireo karazam-borona voan'io aretina io, na fiompy izany na voron-dia. Miteraka taham-pahafatesana samihafa izy arakaraky ny karaza-mborona voa sy ny hamafin'ny otrik'aretina mandalo.

✓ Amin'ireo akoho amam-borona :
_ Ny akoho sy ny voron-tsiloza (na koloka) no tena voany sady be maty,
_ Ny gana sy ny gisa dia matetika tsy andairany na dia mitahiry ny otrik'aretina aza. Hita anefa teto Madagasikara fa na ireo karazam-borona ireo aza dia misy matin'io aretina io indraindray.
_ Ireo karazam-borona hafa dia voa ary mety ho faty koa (voromailala, tsipoy, akanga,…).













## Inona no antony mahatafiditra, mampitoetra ary manaparitaka azy azy ao an-tanàna?

✓ Ny fividianana akoho na vorona velona eny an-tsena na eny amin'ny mpijirika amin'ny fotoanan'ny aretina.

✓ Ny fanafangaroana amin'ny tranony iray ny akoho sy ny vorona rehefa alina ny andro (lasa mifamindra aretina)

✓ Rehefa mihenjy eny an-tanimbary na amoron-drano filalaovan'ny gisa, gana na voron-dia ireo akoho sy voron-tsiloza satria ny voron-drano dia manaparitaka otrik'aretina eny amin'ireny toerana ireny.

✓ Ny olona izay avy nitsidika toerana hafa efa misy aretina ( na mpitsabo biby, na ireo mpiompy, na olona mpitsidika) dia efa mety mitondra ny otrik'aretina eny amin'ny kirarony sy ny akanjony.

✓ Ireo fatin'akoho amam-borona sy ny volony rehefa aparitaka.

✓ Ny tsy fanaovana vakisiny na tsy fanajana ny fotoana famerenam-bakisiny.

Nanatontosa : Harentsoanirina RASAMOELINA ANDRIAMANIVO, Nivo Perle RAZAFINDRAIBE Diana E. ANDRIA-MANANJARA, Olga D. RAKOTOMANANA, Barinjaka RANAIVOSON, Modestine RALINIAINA : DRZV

cirad
FOFIFA